# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7507 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 27 febroary 2023


TOAMASINA 4

## MPIVADY TENY AMBONY MÔTÔ NISY NITIFITRA TENY AM-PANDEHANANA

MARINA IZANY ! 7

## SAROPADY !

RIVODOZA FREDDY 8

## TAFAKATRA 116 701 IREO TRABOINA

COVID-19 8

## NANDAVO OLONA IRAY INDRAY

CHRISTINE RAZANAMAHASOA 7

## NITAKY NY HAHAMARO NY ZANAK'I FIANARANTSOA AO ANATIN'NY FITONDRANA



VOLLEY - CCC ZONE 7 3



## TSARA FANOMBOHANA NY GNVB

RHEFI 8

## 200 MAHERY NY FIANGONANA MANERANA NY NOSY

"HASIM-PIHAVANANA" 2



## NIRAY FEO NY MPINO SILAMO SY NY MPANDALA NY FOMBANDRAZANA MALAGASY

ORGANISATION INTERNATIONALE DE LA FRANCOPHONIE 2

## HANAMPY ANTSIKA AMIN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIAN'NY BOKY




HOTSAKOTSAKOINA

«Tsinontsinona ny teny, raha atao laza masaka.
Tsy misy heviny izy ireny raha toa ka very sasaka.»
**Ny Vetso (13.11.13)**
(«Tout ce qui est exagéré est insignifiant.»
Talleyrand)

OIF

# Hanampy antsika amin'ny fampiroboroboana ny indostrian'ny boky



Matotra ny fiaraha-miasa eo amin'ny OIF sy i Madagasikara.

Nihaona tamin'ny "Administrateur" ao amin'ny OIF, Geoffroi Monpetit, ny Ministry ny Serasera sy ny Kolontsaina. Nisongadina tamin'izany ny fahavononan'ny OIF hiara-miasa amin'i Madagasikara amin' ny fanohizana ny fiaraha-miasa amin'ny fampiroboroboana ny vaky boky sy ny fanohanana ny rohin'ny boky sy ny indostrian'ny boky amin'ny ankapobeny. Hisy ny iraka manokan'ny OIF ho avy eto Madagasikara hijery izay fomba hiaraha-miasa entina manome aina indray ireo « centre de lecture et d'animation culturelle » (CLAC) miisa 27 manerana ny Nosy. Fa ankoatra izay, mikasika ny ady iombonana atao amin' ny fanelezana vaovao diso (désinformation), fa indrindra koa amin'ny fampiasana ny aterineto sy ny tambajotran-tserasera ho fitaovana hivoizana fankahalana (discours de haine), dia nampiseho ny fahavononany hanampy amin'ny fametrahana ny "autorité nationale de régulation de la Communication médiatisée" (ANRCM) ny OIF rehefa tonga ny fotoana. Nialoha ity fihaonana ity, dia nandray anjara tamin'ny latabatra boriborin'ny firenena miteny frantsay niresahana momba ny aterineto ny Tale Jeneralin'ny Serasera Fetra Rakotondrasoava.

Ho fiatrehana ny fifidianana izay hatao amin'ity taona ity dia efa naneho ny fahavononany hitondra ny tantsoroka ho an'ny fikarakarana fanamafisana traikefa sy fiofanana ho an'ny mpanao gazety ihany koa ny OIF, ankoatra ireo tantsoroka fiomanana efa entiny ho an' ny CENI amin'izao fotoana izao.

**Tiaray R**

Famerenana ny hasim-pihavanana

# Niray feo ny mpino silamo sy ny mpandàla ny fomban-drazana malagasy

"Isika rehetra samy manankasina", io no hiaka niraisan'ny mpitaiza ara-panahy mpandala ny fomba silamo sy ny mpitaiza ara-panahy mpandala ny fomba malagasy nentim-paharazana teny amin'ny kianjamaitso Analamahitsy ny asabotsy teo. Nifanandrify tamin'ny faha-4 amin'ny volana "Cha'aban", izay manandanja eo amin'ny finoana silamo izay fametrahana ny fandriam-pahalemana ary "tsinana adalo", izay midika zavatra lehibe ho an'ny mpandala ny fomba malagasy ihany koa, io andro asabotsy nanatanterahana ny famerenana ny hasim-pihavanana io. Mahazomora Lahinirina Falvien, na Jaafar Swadiq, filoha nasionalin'ny Noor Al-Houdah eto Madagasikara no nisolotena ny Finoana Silamo Malagasy, raha Rabeviavy Brice Christophe, filoha nasionalin' ny Akata sy mpiara-miombona antoka amin'ny Firaisain-kinan'ny Manankasy no mpitondra tenin'ny mpandala fomban-drazana. Nifanao voady izy ireo ny hametrahana ny hasim-pihavanana sy ny firaisankina eo amin'ny samy Malagasy, indrindra fa eo amin'ny samy hafa finoana. Tanjona amin'izany ny hisian'ny fifanajana eo amin'ny samy hafa finoana ka tsy hifanaratsy intsony, mba hanamafisna indray ny soatoavina malagasy. *"Rehefa mifanaja dia efa mifankatia »*. Noraiketina anaty boky izany fifanarahana izany ary samy nanao sonia ny sehatra rehetra eo anivon'ny fiaraha-monina sy ny toerana fitaizaina arapanahy avy amin'ny lafivalon'ny nosy. Hafa ny finoana ary hafa ny fombandrazana.

**Tokony hiray ny Malagasy**

Nambaran'i Jaafar Swadiq fa *"afaka miray amin'ny finoana rehetra ny finoana ny silamo, ary tiana haseho fa tsy ilay mahery fihetsika no tena silamo fa ilay mitia fihavanana, manaja ny soatoavina malagasy. Rehefa raharaha mahakasika ny tanindrazana ny resaka dia tonga izahay, satria tanindrazanay ity Madagasikara ity. Manentana ny Malagasy rehetra sy ny mpino silamo mba hisokatra bebe kokoa amin'ny fomba fijery sy ny fomba fisaina eto amin'ity tontolo Madagasikara hiainantsika ity, fa antsika i Madagasikara ary isika no Malagasy ary tokony hiray ny Malagasy rehetra tsy hanavahana foko na finoana, na volon-koditra na fiaviana"*. Tetsy ankilany dia nanamafy Rabeviavy Brice Christophe hoe: *"Tsy misy ambony sy ambany ny finoana fa raha tena mino ny mpahary dia tokony tsy hifanaratsy. Rehefa tsy mifanaratsy sy mifanimbazimba dia efa mihavana izay, satria tanindrazana iray no itsahina nefa kosa nozarain'ny finoana samy hafa"*

**Kianjan'ny fihavanana**

Fa ankoatra izay, amin'ny maha andro manan-tantara ny asabotsy 25 febroary iny dia nangataka ny tokony hanaovana ny kianjamaitson'Alamahitsy ho kianjan' ny fihavanana ny Finoana Silamo sy ny Fikamaban'ny Firaisankinan'ny Manankasy. Hitety ireo sampandraharaham-panjakana isan-tokony momba izany izy ireo amin'iny herinandro iny ary hiezaka ihany koa hanadresy lahatra ireo finoana hafa mba hihavana amin'izy ireo. Tanjona amin' izany ny tsy hisian'ny fifanaratsiana eo amin'ny finoana.

**Nangonin'i Tiaray R**



Nifanao voady ny hametrahana ny hasim-pihavanana sy ny firaisankina eo amin'ny samy Malagasy, indrindra fa eo amin'ny samy hafa finoana, ny rehetra.


**HASIN'I GASIKARA**

**Fampianarana KABARY**

Isaky ny Alahady amin'ny 2 ora. Fanombohana : 05 Martsa 2023.

Toerana : - ABC School 67 Ha
- Ecole Primaire Rasalama

Tél. : 034 44 708 63 / 034 01 214 27 / 033 07 154 23

G.CL 433/12-8



**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 958 - 02 - 23
Isan'ny natonta : 25 000


*Nahandro*

## Sozaha atao baolina

**Zavatra ilaina :** sozaha masaka voatoto roa kaopy, vary masaka iray kaopy, kikimofo iray kaopy, tongolo maitso fehezany iray, voatetika. Tongolo gasy hasiny efatra. Selery voatetika madinika antsasaky ny sotro, sira izay ilaina.

**Fomba fikarakarana azy :** afangaro daholo ny rehetra dia bolabolaina atao baolina. Hosorana menaka ny takelaka vy iray. Apetraka eo tsirairay ny baolina. Andrahoina anaty lafaoro eo amin'ny adiny iray latsaka fahefany eo. Azo aroso avy hatrany avy eo.

Revio nomerika

# Nivoaka ny "Tsanganafo" laharana 000

Tsy afaka miala amin'ny firoboroboan'ny haitao arakajimirindra intsony isika amin'izoa fotoana izao. Dingana iray makany amin'ny fivoarana nomerika izany ary efa betsaka ny mampiasa azy amin'ny alalan'ny interneto ankehitriny. Anisan'izany isika eto Madagasikara. Anisan'ny nanosika an-dRanjatohery Harilala hamoaka ny Revio nomerika mitondra ny lohateny hoe « *Tsanganafo* » izy io ary amin'izao fotoana izao dia efa azo jerena anaty interneto ny tranonkala "tsanganafo.nymahefa.ca". Ranjatohery Harilala, mpandalina sy mpampianatra Tantara, mpanoratra, mpikabary, mpikambana mahefa ao amin'ny Akademia Malagasy no tonian-dahatsoratra ary miaramiasa aminy amin'ireo lohahevitra samlihafa voizina ao anatiny ry Ilohafatra Andriamahefanarivo, Velonandro Mahatsangy, Ramahatana Kiady Todihasina. Mivoaka isandroa volana izy io, ka ny laharana 000 (febroary-marsa) dia efa azo tsidihina maimaim-poana, fa ny laharana manaraka (avrily –may) no tsy maintsy manao famandrihana. Azon'ny salan-taona rehetra vakiana tsara izy io ary ampirisihina amin'izany ny tanora. Maro ny fahalalana azo rantoviny ao, indrindra ny mikasika ny tantaran'i Madagasikara, ny kolontsaina sy ny literatiora malagasy, ny ohabolana malagasy sy ny heviny, voambolana, ny tantara ary ny maro samihafa.

**Tiaray R**

Trail d'Ibity

# Hanampiana ireo ankizy tsy ampy sakafo ny vola ho azo



Sombiny amin'ny " Trail d'Ibity " teo aloha.

Miditra amin'ny andiany faha-7 ankehitriny ny "Trail d'Ibity". Hetsika lehibe izay hoentina manampy ireo ankizy tsy ampy sakafo, karakaraina eo anivon'ny « *maison de la malnutrition d'Ibity* » ao Antsirabe. Araka ny programa dia ny alahady 2 aprily 2023 izao no hanatanterahana ny hetsika any an-toerana. Mpandray anjara miisa arivo mahery no andrasan'ny mpikarakara amin'izany, izay hazakazaka natao ho an'ny sokajin'olona rehetra. Misy karazany 3 ny fifaninanana miakatra ny tendrombohitr'Ibity : voalohany, natao ho an'ireo olona tomady, izay hazakazaka anatin'ny halaviran-dalana 30 km. Ny faharoa, natao ho an'ny olona tomady ihany, izay hazakazaka mihanika tendrombohitra ihany, amin'ny halaviran-dalana 12 km, ary farany, ny hazakazaka natao ho an'ny ankizy sy ireo somary marefo. Mirefy 2 km ny halavirana ataony, izay hitondrana azy ireo mijery ireo karazan-javaboary mampiavaka ny tendrombohitr'Ibidy.

Ankoatra ny hazakazaka, hisy ireo fanentanana maro samihafa miaraka amin'ny ambiansy mafana, eo amin'ny faritra natokan'ny Cementis Madagascar (mpanohana ofisialy) ho amin'izany. Anisan'ireny, ny zumba, izay anisan'ny be mpankafy tokoa.

Ho an'ireo maniry handray anjara. Ny fisoratana anarana dia efa nanomboka tamin'ny 2 febroary teo ary hifarana ny 30 martsa 2023 izao.

**Fy**

Volley - CCC Zone7

# Tsara fanombohana ny GNVB Vehivavy



**Nahavita dingana lehibe ny GNVB.**

Tamin'ny seta 3 no ho 1, ny asabotsy lasa teo, no nandavoan'ny Zandarmaria Nasionaly VolleyBall ny Cascade avy any Seychelles, ho an'ny sokajy vehivavy, nandritra ny andro voalohany amin'ny fiadiana ny amboara ho an'ny klioba tompondaka aty amin'ny faritra faha-7, taranja Volley ball. Ry zareo Seychelloise no nahazo ny seta voalohany(18-25). Nanaitra ny hambompon'ny Malagasy izany ka lasan'izy ireo ny seta faharoa(25-22) ary tsy namelany raha tsy lasany avokoa ny seta fahatelo(25-20) sy fahefatra(25-21). Nambaran'i Noré, izay manaraka akaiky ny ekipa malagasy any an-toerana, fa nanatombo teo amin'ny "service" sy "réception" ny ekipan'ny GNVB, nanao "défense" ary tena niady hatramin'ny farany koa ireo mpilalao. *"Na dia tara aza ny fiara nitondra ny delegasiona, satria efa teo ambony kianja ny mpifanandrina vao tonga izahay, dia nangataka 20 minitra noho fahatarana ary neken'ny mpikarakara »*. Nahavita ezaka lehibe ny mpilalaon'ny GNVB, hoy hatrany i Noré kely, satria ekipa tompondakan'i Seychelles ity nazerany ity. Maro amin'izy ireo no mandrafitra ny ekipam-pireneny, ary eo koa ilay "passeuse" an'ny ekipam-pirenen'i kénya, Jane Wacu milalao ao. Toy an'i Goliata sy Davida mihitsy no hilazana ny teny ambony kianja, hoy hatrany ity teknisiana malagasy ity, saingy nahay sy niady mafy ny mpilalaontsika. "Tena mafy daholo ireo ekipa vehivavy aty, toa ny TGV, St Denis Olympique avy atsy La Réunion. Ao koa ny avy atsy Seychelles, ahitana an'i Cascade sy Anse Royale. Ny stef'auto ihany koa kalaza, miampy an-dry Quatre Bornes sy Tranquebar avy any Maorisy.

Rabenaivo

Rugby - "Super coupe de Madagascar"

# Natolotra ny FTM ny amboara sy lelavola 5 tapitrisa Ar

Ny ekipan'ny FTManjakaray no nandrombaka ny anaram-boninahitra tamin'ny "super coupe de M/kara", teo amin'ny taranja Rugby. Natolotra azy ireo tetsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka omaly ny amboara sy lelavola 5 tapitrisa Ar, nanamarika ny nahazoany ny fandresena. Tsiahivina fa nirava tsy lera ny lalao famaranana, izay natao tamin'ny alahady 19 febroary lasa teo, rehefa nandà tsy nety hanohy ny fihaonana intsony ry zareo COSFA. Rehefa nandinika ny kaomisiona mpanao ny fanadihadiana sy mpankato ny valin'ny lalao, dia nanome rariny ny klioban'i Manjakaray, ka nanome ny fandresena ho azy ireo. Ankilany, nilatsaka ny sazy ho an'ny Miaramila, izay avy hatrany dia miiba iray ny isany amin'izao fiandohan'ny taom-pilalaovana izao. Ankoatra izay, voasazy tsy afaka milalao amin'ny fihaonana telo ataon'ny ekipany(COSFA) i Ginot. Anisan'ny nahazo sazy ihany koa ny mpitsara iny fihaonana iny, raha ny feo heno teny an-kianja, omaly saingy tsy mbola azonay ny fanamarinana izany, fa hoezahina hotaterina eto ihany rehefa maharay izany avy amin'ny tomponandraikitra eny anivon'ny Malagasy Rugby. Lesona ho an'ny rehetra iny zava-nitranga iny, ka antenaina fa tsy hiverina ary tsy hitranga intsony, satria toetsaina efa nilaozan'ny toetrandro.

Rabenaivo



**Ny ekipan'ny FTM nandray ny amboara sy ny lelavola omaly tetsy Andohatapenaka. (Sary: Nary R.)**

Kitra - "Orange Pro League"

# Lavon'ny Cosfa ny Fosa Juniors



Tontosa ny faran'ny herinandro teo tany amin'ireo kianja maro manerana ny Nosy, ireo lalao tafiditra amin'ny andro faha-7, amin'ny "Orange Pro-League", taranja baolina kitra. Anisan'ny voka-dalao nanamarika izany ny nandresen'ny Cosfa 3 no ho 1 ny Fosa Juniors. Teo amin'ny 38 minitra no nanokatra ny isa ny Miaramila, tamin'ny alalan'i Rufin. Mbola nampian'i Toky izany teo amin'ny minitra faha-45, ary dia io isa 2 no ho 0 io no nisarahana teo am-pialantsasatra. Tsy nihanona tamin'io fa mbola nahatafiditra baolina fanintelony ny Cosfa taty amin'ny minitra faha-87, tamin'ny alalan'i Tojo. Efa tany amin'ny minitra 90+1kosa vao nahavaky atody ny Fosa Juniors, tamin'ny alalan'i Fely, ary dia io isa 3 no ho 1 io no nisarahana. Isan'ny fihaonana tena nandrasana kosa ny lalaon'ny Elgeco plus sy ny Cffa, izay nisaraka ady sahala samy tsy nisy nitoko. Miteny ho azy ny vokatra fa niady ary tena nifandanja ny fifanandrinana teo amin'izy ireto, ary dia io samy tsy nisy nahatafiditra baolina io. Vokatra hafa, resin'ny Uscafoot, tamin'ny isa 2 no ho 0 ny Tia kitra Fc. Tsy namelan'ny Mama Fc ihany koa raha tsy lavony, tamin'ny isa 1 no ho 0 ny Dato Fc. Tamin'ny isa mazava 2 no ho 0 kosa no nanilihan'ny Zanakala Fc an-dry zareo Jet Kintana ary tamin'io isa io ihany koa no nandresen'ny As Fanalamanga ny Tsaramandroso Formation.

Rabenaivo

Rugby - "Xxl Energy TOP20"

# Nanao be fiavy ireo klioba sangany



**Tsy nahatosika ny Tam teto Bemasoandro. (Sary : Nary R.)**

Nanomboka omaly tetsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka, ny andro voalohany amin'ny fiadiana ny « Xxl Energy TOP 20 », taranja Rugby. Azo lazaina fa nivatravatra avokoa ireo klioba sangany, izay tsy nitsitsy ireo nifanandrina taminy. Anisan'izany ny COSFA, izay nanamontsana ny JSTA, tamin'ny isa mavesatra 118 no ho 17. Nampisehoan'ny Miaramila ny maha ngeza azy ity fihaonana ity, ka hita ho sahirana mihitsy Ambondrona nanakana ireo fanafihana totoafo nataony, ary dia io isa mazava 118 no ho 17 io no nisarahana taty amin'ny fiafaran'ny fotoana ara-dalàna. Mbola nampisehoan'ny FTM ny heriny koa teto ny FTAT raha nifandona taminy, izay tsy namelany raha tsy lavony tamin'ny isa 93 no ho 23. Tombony ho an-dry Lahatra rahateo ny lalao famaranana ny "super coupe" nataony tamin'ny herinandro lasa iny, ka tsy nanahirana azy ny nanilika ireto mpifanandrina taminy ireto. Teo amin'ny fihaonana hafa, lavon'ny FTBA, tamin'ny moka fohy 27 no ho 25, ny USI. Niady ary nifandanja ny lalao fa taty amin'ny fanenoan'ny Anjomara nanapitra ny fihaonana vao fantatra ny ekipa mpandresy tamin'izany. Teo amin'ny lalao farany nanakatona ity andro ity dia nivoaka ho mpandresy, tamin'ny isa 31 no ho 17, ny TAM nanoloana ny FBM. Teo ampialan-tsasatra dia efa nanatombo Anosibe, ka na niezaka nanohitra aza Bemasoandro teo amin'ny fizaram-potoana faharoa, tsy nahasakana intsony ny fandresena ho an'ny TAM.

Rabenaivo


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, machine, bisikileta, cahier, debara. M. SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 475/10-10)

* Fanaka, debara, frigo, boky, TV, kiraro, vy, kilalao. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 486/10-4)

### COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 488/4-3)

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-8)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-8)

### SERVICE

* Vidange wc & puisard, construct°, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 483/7-6)

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 487/6-4)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse septique, puisard, réparation, réhabilitation. Tél : 038.42.629.39 / 033.15.941.80. (G-BA 476/20-9)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 482/10-8)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 033.03.487.21. (G-BA 481/10-8)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.42.941.37. (G-BA 484/10-5)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 034.86.213.53. (G-BA 485/15-4)

Toamasina

# Mpivady teo ambony môto nisy nitifitra am-pandehanana

Mafana hatrany ny tsy fandriam-pahalemana ao an-drenivohitr'i Toamasina ao ary manaporofo izany ity tranga asan-jiolahy niseho tamin'ny sabotsy hariva teo ity. Mpivady nandeha môto no notifirin'ny olon-dratsy teny am-pandehanana tao amin'ny toerana antsoina hoe Bôtanika, fokontany Mangarivotra, tokony tamin' ny 7 ora sy sasany hariva. Vitsy ny mpandeha tamin'io fotoana io ary maizina ihany koa ny andro ka nanaraoraotra ny jiolahy. Ilay rangahy no voan'ny bala teo amin'ny tratrany sy ny lamosiny. Teo amin'ny fe sy ny kibony kosa ny an'ilay ramatoa. Maty ilay rangahy taorian'izay ary ny vadiny mbola noezahina notsaboina ka tsy misy atahorana ny ainy. Toa efa nandrasana mihitsy izy ireo, satria raha ny fantatra dia lalana falehany rehefa hariva io toerana io. Tsy nisy zavatra nalain'ireo jiolahy na ilay môto na ny entan'izy mivady fa rehefa avy nitifitra ireo roa lahy ireo dia nitsoaka. Tsy nanao saron-tava ihany koa ireto jiolahy fa niseho endrika, araka ny fanazavana.

**Mpitatitra**

*"Somary tara ny antso azon'ny zandary. Tara ihany koa araka izany ny fahatongavana. Nahitana taim-bala telo teo amin'ny toerana nisehoan'ny fitifirana ary mbola teo sady velona tsara ilay môto nentin'ny niharamboina. Io no manamarika fa famonoana no tanjon'ireo tsy mataho-tody. Marihina fa efa misy olona ahiahiana ihany amin'izao. Mandeha ihany koa ny famotorana savaranonando ary efa eo am-pikarohana ireo nahavanon-doza izahay. Andrasana izay mety ho tohiny»,* hoy ny mpitandro filaminana mandray ny raharaha.

Araka ny fanazavana azo hatrany dia nandalo rano ny lalan'izy mivady ireto. Niroboka teo amin'ny rano voalohany izy ireo dia nandeha ara-dalâna fa rehefa teo amin'ilay rano faharoa no somary niadampandeha ilay môto, ka teo no nohararaotin'irero olondratsy nitifitra. Olon-tsotra miasa mpitatitra fasika amin'ny kamiao ilay lehilahy voatifitra. Ankoatra izay dia mpitarika tily ihany koa izy.

**Ariel D.**

Miarinarivo

# Mpitondra môto nanao "randonnée", maty nidona tamin'ny balizy

Lehilahy iray sahabo ho 37 taona no namoy ny ainy niharan'ny lozam-pifamoivoizana teny amin'ny lalampirenena voalohany (RN1), omaly tokony tamin'ny 11 ora antoandro. Nitondra kodiaran-droa izy sy ireo namany nanao irony antsoina hoe "randonnée". Izany hoe môto maromaro no indray miaraka misintaka kely ny renivohitra. Teo Ambodivoara, fokontany Igararana, kaominina Miarinarivo, no niseho ny loza. Maty tsy tra-drano ilay mpitondra môto iray, rehefa nidona tamin'ny balizy amin'ny sisin-dalana teo amin'ny "Rn1 pk 95+300". Ireo namany anefa tamin'io fotoana io efa lasa aloha avokoa ka tsy nisy nahita izay nanjo azy. Efa razana sy ilay mitondra môto nianjera ka potika no novantanina. Olona tsara sitrapo no nampandre avy hatrany ny zandary rehefa naharaka ny zava-nisy. Tonga teny antoerana ihany koa ny mpitsabo saingy efa tsy nisy azo natao intsony. « Moto scooter kymco » ity nentin'ilay lehilahy ity. Taorian'ny loza dia nalefa ao amin'ny tranom-patin'ny hopitaly Miarinarivo ny nofo mangatsiakany. Efa azo antso ihany koa ny fianakaviany", hoy ny loharanom-baovao avy amin'ny lehiben'ny brigady Miarinarivo rehefa nantsoina an-tariby. Tovolahy maromaro samy nitondra môto izy ireto. Heverina fa avy any Antananarivo no nikasa hiankandrefana hihazo any amin'ny faritra Analavory Itasy. Efa fanaon'ny mpankafy kodiaran-droa rahateo izany, satria anisan'ny tsara ny lalana amin'iny « RN1 » iny saingy indro kely ny fandehanana mafy sy ny tsy fahafehezana lalana ataon' ireo mpitondra môto.

**Lesona**

*"Tandremo ny "Randonnée" fa tsy famonoan-tena. Alao ilay toe-tsaina, mifaninana amin'ny hafa fa ny tonga soa no arahabaina fa tsy ny tonga aloha. Maro ny tranga miseho, raiso ho lesona ireny fa tsy misangy aminao ny loza. Asio fitsipika foana ny "randonnée" (...) Mankahery ny fianakavianan'ny maty. Izahay eto amin'ny "RSC" dia manentana hatrany mba hisorohanao ny loza",* hoy Tsiferana Andriamanamidona, filohan'ny fikambanana Rsc na ny "Association Riders ScooT Community", izay fikambanana tanora mpankafy kodiaran-droa eto Madagasikara.

**Ariel D.**

Ambohidroa

# Norobain'ireo jiolahy sady naolany ny vehivavy rehetra

Nahitam-bokany ny fikarohana nataon'ireo polisimpirenena taorian'ny fanafihana mitam-piadiana niharo fanolanana nitranga tetsy amin'ny fokontany Ambohidroa ao anatin'ny borborintany fahenina, Antananarivo renivohitra. Olona efatra no voasambotra tamin'ny herinandro lasa teo. Anisan' izany ny lehilahy telo (37 taona, 35 taona ary 28 taona) sy ramatoa iray 40 taona. Voarohirohy tamin'ny asa ratsy tao amin'ilay tokan-trano izy ireto, izao voasambotry ny polisy miasa ao amin'ny sampandraharaha misahana ny ady heloka bevava sakelika voalohany izao. Raha hiverenena ny zava-nisy dia efa-dahy nirongo basy no niditra an-keriny tamina tokontrano iray tetsy Ambohidroa ny andron'ny 19 febroary lasa teo, tokony tamin'ny roa ora maraina. Rehefa taditra izy ireo dia nandrahona ny tompontrano sady nandroba ihany koa ka lasan'ireto farany nandritra izany ny finday miisa 10, firavaka volamena ary vola mitentina 200 000 Ariary. Tsy vitan'izay fa vehivavy efatra tao amin'io trano voatafika io ihany koa no naolan'ireto olon-dratsy ireto. Taorian'ity fanafihana ity dia nandray ny andraikiny ny polisy nanao ny fikarohana ireo olon-dratsy. Vehivavy iray izay miasa tao amin'ireo voatafika no nosamborina voalohany avy eo nanaraka azy ny mpiambina ny tanàna sy ny mpamily izay niasa tao teo aloha niaraka tamin'ny namany anankiray. **Ariel D.**

Amparafaravola

# Olona telo natao takalon' aina

Andian-jiolahy nirongo basy mahery vaika no nampihorohoro ny tokantrano nifanila tao amin'ny fokontany Ambohimanarivo, kaominina Morarano « chrome », distrikan'Amparafaravola, tamin'ny zoma teo tokony ho tamin'ny 10 ora sy sasany alina. Efa-dahy no niditra ankeriny tao amin'ilay trano fa ny dahalo ambiny teny ivelany. Olona 3 no nalain'ireo dahalo an-keriny tamin'izany ary mbola tsy vototra hatramin'ny ora nanoratany an'ity tranga ity, omaly. Efa nisy ihany koa ny antso nataon'ireo mpaka takalon'aina tamin'ny fianakavian'ireo olona nalain'izy ireo an-keriny ireo. Nangataka vola ireto dahalo ireto ho famotsorana an'ireo lasibatra, saingy mbola tsy nahazoana vaovao, na fantatra hatreto ny sora-bola sy ny totaliny. Araka ny angom-baovao avy any an-toerana dia mbola mitohy ny fanarahan-dia an'ireo mpaka an-keriny ireo.

**Tafaporitsaka**

"Tamin'ity asa ratsy ity dia nisy tamin'ireo olon-dratsy no niezaka nanafina ny endriny mba tsy hamantarana azy. Ny sasany nanambana basy an'ireo lasibatra tao an-trano sady nanadihady ny tompon-trano. Nandritra izany moa no nisy tovolahy iray tafaporitsaka, saingy tsy lasa alavitra akory dia voasambotr'ireo olon-dratsy teny ivelany. Taorian'izany dia nofatoran'iretsy farany ireo olona nalainy an-keriny ireo. Anisan'izany ny vehivavy iray sahabo ho 24 taona sy ny vadiny. Tovolahy iray 15 taona izay tsy salama, zandrin'ilay vehivavy voalaza etsy ambony, sy ny lehilahy iray mpiambina ny ombin'ireo fianakaviana. Taorian'ity tranga ity dia tafatsoaka ilay mpiandry omby. Ity farany dia olona tsy salama saina loatra ka votsotra teny am-pelatanan'ireo mpaka an-keriny » : hoy ny fanazavan'ny mpitandro ny filaminana. Andrasana ny tohin'ny fikarohana.

**Ariel D.**

"FIANTA"

# Nankasitraka ny filoha nanendry ny Minisitra Valéry Ramonjavelo

Mbola nanamafy hatrany ny firaisakinanany ny Fitambaramben'ny Antemoro Fitovinagny eto Antananarivo (FI.ANT.A). Nasehon'izy ireo ilay teny filamatra hoe "Antemoro raika avao" na ny hoe Antemoro dia iray ihany. Naneho fankasitrahana ny Filoha Andry Rajoelina ny "Fianta" tamin'ny alalan'ny birao mandrafitra ny fikambanana. "*Manolotra fisaorana sy fankasitrahana an'Andriamatoa hajaina Andry Rajoelina, Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, sy an'Andriamatoa Christian Ntsay, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta tamin'ny nanendrena ny havanay, ny tapakay dia Andriamatoa Valéry Ramonjavelo ho Minisitry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro. Tanteraka ny fanirianay satria mariky ny fahatokisana sy fitiavana an'i Fitovinagny izao fanendrena ny zanaky ny faritra ao anatin'ny governemanta izao* », hoy ny filohan'ny Fianta sy ireo biraony, raha nitafa tamin'ny mpanao gazety ny herinandro teo.

**Nitsodrano**

Manentana ny zanak'Antemoro fa tsy handraraka ilo mby an-doha fa hitondra ny anjara birikiny amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara ity minisitra zanaky ny faritra Fitovinagny ity, ary tsy hikely soroka amin'ny andraikitra sahaniny. Ankoatra izay dia nitsodrano an' *Andriamatoa Valéry Ramonjavelo, Minisitry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro izy ireo amin'izao* adidy sahaniny izao. Vonona ny hifanome tanana ho azy ihany koa ny « Fianta » amin'izay anjara manandrify azy ho fampandrosoana ny faritra Fitovinagny, indrindra fa ho an'i Madagasikara.

**Ariel D.**

## Manal azy de mimeme




## Sarisary zary tenany

*Ovaina*




## Hatsikana an-tsary

*Nanolo*




## Masoandro Miposaka

### Marka 2 : 4

Ary satria tsy afaka nanakaiky Azy izy noho ny habetsahan'ny vahoaka, dia nanesorany ny tafon'ny trano nitoeran'i Jesosy, ka nony efa voasokatra, dia nampidininy teo ny fandriana izay nandrian'ilay nararin'ny paralysisa.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy


Nil : Tel: 033 07 465 05

## Tari-Dalana




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Tsy tia ka manaratsy.**

Quand on n'aime pas quelqu'un, on en dit du mal.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2890

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 6 | | | 1 | | | |
| | 8 | 1 | | 5 | | | | |
| 2 | | | 6 | | | | | |
| | | 8 | 3 | | | 5 | 9 | |
| 4 | 1 | | 2 | | | 3 | | |
| | | | 9 | | | | 2 | |
| 1 | | 2 | | 6 | | | | |
| | | | | 2 | | | | 5 |
| 3 | 4 | | | | | | 7 | |

Valin'ny laharana 2889

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 7 | 3 | 1 | 4 | 5 | 6 | 9 | 2 |
| 5 | 4 | 6 | 2 | 9 | 7 | 8 | 3 | 1 |
| 2 | 1 | 9 | 8 | 6 | 3 | 5 | 4 | 7 |
| 3 | 6 | 1 | 7 | 2 | 4 | 9 | 8 | 5 |
| 4 | 8 | 2 | 5 | 1 | 9 | 7 | 6 | 3 |
| 7 | 9 | 5 | 6 | 3 | 8 | 2 | 1 | 4 |
| 9 | 3 | 8 | 4 | 5 | 2 | 1 | 7 | 6 |
| 6 | 2 | 4 | 9 | 7 | 1 | 3 | 5 | 8 |
| 1 | 5 | 7 | 3 | 8 | 6 | 4 | 2 | 9 |

Christine Razanamahasoa

# Nitaky ny hahamaro ny zanak'i Fianarantsoa ao anatin'ny fitondrana

Raikitra ny ady varotra ! Tena efa ao anatin'ny fiatrehana ny fifidianana ho avy tanteraka ireo fikambanana sy etamazaoro politika isan-tsokajiny eto amintsika amin'izao fotoana izao. Ireo mpanohana ny fitondrana no hita nisongadina amin'ny fanehoan-kevitra momba izany ny faran'ny herinandro teo. Hita taratra io tamin'ny kabary politika nataondRtoa Razanamahasoa Christine tany Fianarantsoa. Tamin'izany no nitakiany ny mba hahamaro ny zanak'i Fianarantsoa ao anaty fitondrana. Niantso ny Filohampirenena ny tenany mba hijery akaiky ireo tanora sy manam-pahaizana sy zanak' ity faritany ity. «*Betsaka ny zanaky ny faritanin'i Fianarantsoa no nitondra tao amin'ny lapan'i Mahazoarivo sy teo amin'ny Antenimierampirenena ka jereo Atoa Filoha ny solofon'ireo ray aman-dreny ireo fa misy tanora avarapianarana maro aty amin'ity faritany ity. Toa ireo "diaspora" hatrany no mameno ny governemanta. Tokony tsy ho latsaky ny 10 ny minisitra avy aty Fianarantsoa, ao anaty Governemanta amin'ny manaraka* », hoy izy. Nohamafisiny fa vonona izy ireo hanatanteraka ny adidiny amin'ny maha olom-pirenena, ary manana vahoaka maro mpifidy. Raha fehezina ny kabarin'ny Filohan'ny FIZAFAFI, dia vonona hampandany ny Filohampirenena ankehitriny izy ireo amin'ny fifidianana ho avy. Ho valin'izany kosa dia mila jeren'ny Filoha akaiky ny fampandrosoana ity faritany ity. "*Tsy atao fasan'ny tetikasa hatrany i Fianarantsoa, ka ho farany lava*", hoy ihany ny Filohan'ny Antenimierampirenena.

**Fahombiazana**

Tontosa ny sabotsy 25 febroary 2023 tao amin'ny kianja Don Bosco Ankofafa Fianarantsoa moa ny fihaonamben'ny Fikambanan'ny Zanaky ny Faritanin'i Fianarantsoa, na FIZAFAFI, izay nifampiarahabana noho ny taona vaovao sy nanaovana asa soa maro. Fahombiazana tanteraka ny hetsika natao, satria nahavory vahoaka maro tokoa. Maherin'ny 30.000 ireo namaly ny antso. Nahatonga solontena avokoa ny faritra 6 mandrafitra ny faritanin'i Fianarantsoa, dia i Matsiatra Ambony mpampiantrano, Amoron'i Mania, Vatovavy, Fitovinany, Atsimo Atsinanana ary Ihorombe. Natrehin' ireo olomanan-kaja maro, tao ireo mpitondra fivavahana, Raiamandreny aradrazana, ireo to teny tompon' ny agnarandray, depiote 11 sy minisitra, ary ireo mpanao politika samy hafa firehana. Tanjona tamin'izany ny hanamafisana ny firaisankina sy ny fihavanana.

**JUDD**

## Marina izany !

### Saropady !

**Mihovitrovitra ny tontolon'ny fahasalamana. Ny marimarina kokoa angaha ireo matihanina eo amin'ity sehatra ity. Rariny sy hitsiny izany satria mahakasika indrindra ny aina, ny fahasalamana sy ny fiarovana ny aina no resaka eto. Tsy nisy tsy naneho hevitra izy ireo eo anatrehan'ny fisian'ny fanofanana mandritra ny fotoana fohy hahafahana mitsabo amin'ny fomba nentim-paharazana. Mety mitovy ny tanjona, ny fikarakarana ny fahasalaman'olombelona, angamba kosa anefa tsy ao anatin'ny telo volana dia hahafehy izany raha an-taonany maro ny fiofanana sy ny fianarana vao lasa ho mpitsabo ara-dalàna. Saropady sady sarobidy mantsy ny aina ka heverina ho an'ireo matihanina niofana sy nianatra manokana momba ny fikarakarana sy ny fitsaboana io aina io. Na izany ireo dokotera mpitsabo amin'ny fomba maoderina na izany ny mpitsabo amin'ny fomba voajanahary sy nentim-paharazana. Izany rahateo no takian'ny fenitra sy ny lalàna momba ny fahasalamana.**

**Asa moa raha vokatry ny fisian'ny fanofanana maro amin'izao fotoana izao azo atao anatin'ny fotoana fohy no mahatonga izao endri-javatra izao, na noho ny tsy fahafahana mitsabo tena raha marary eo anatrehan'ny halafon'ny fanafody sy ny saram-pitsaboana ? Ny tsy azo lavina aloha, saro-toerana mba tsy hilazana hoe tandindomin-doza ny fahasalamam-bahoaka eo anatrehan'ny endri-javatra toy itony ! Saropady nefa sarobidy mantsy ny fahasalamana izay voalohan-karena !**

**Herivonjy RAJAONAH**

Marc Ravalomanana


# "Tsy mbola niteraka korontana teto amin'ny firenena ny antoko TIM"

Raha voasakana tetsy Behoririka, dia tontosa soamantsara ny hetsika nataon'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) teny amin'ny Magro Tanjombato ho an'ny distrik'Atsimondrano ny sabotsy teo. Ankoatra ny fifiampiarahabana noho ny taona vaovao dia nisy ihany koa ny fanentanana ny olom-pirenena mba tsy hanao ambanin-javatra ny fisoratana anarana ho ao anaty lisi-pifidianana eny anivon'ny fokontany. Nitarika ny hetsika teny antoerana ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana. Nambarany nandritra izany fa tsy azo ekena ny fanakantsakanana ny olona haneho ny heviny. "*Tsy mbola niteraka korontana teto amin'ny firenena ny hetsiky ny antoko TIM hatramin'izay 20 taona nijoroany izay*», hoy izy tamin'ireo vahoaka marobe nanatrika ny fotoana. Nohamafisiny fa efa nanome valinteny ny Vondrona Iraisam-pirenena manolona ireny zava-nitranga teny amin'ny Magro Behoririka ireny ny tenany. "*Tokony hohajaina ny demôkrasia sy ny fahalalahana maneho hevitra eto amin'ny tanin'ny Repoblika*", hoy ihany Ing Marc Ravalomanana. Nolazainy fa tsy tokony hisy ny fanilihana ireo izay te hiaraka amin'ny antoko TIM. Nomarihiny fa tsy maintsy miasa miaraka amin'ireo hery politika hafa izy ireo mba hoentina mandresy amin'ny fifidianana. "*Ny miasa miaraka no fahombiazana*", hoy izy.

**JUDD**

Governora Ramananjarasoa Clarisse Eugénie

# Hitondra ainga vao ho an'ny faritra Ihorombe !



**Izy no Dr Ramananjarasoa Clarisse Eugénie, Governoran'ny Faritr'Ihorombe vaovao.**

Tsy diso fiantefa ny Filoha Andry Rajoelina raha nisafidy ny Dr Ramananjarasoa Clarisse Eugénie ho governora hitantana ny faritra Ihorombe ny alarobia teo nandritra ny Filankevitry ny minisitra. Maro no resy lahatra fa hitondra ainga vao ho an'ny faritra Ihorombe ny fanendrena azy amin'izao toerana vaovao iandraiketany izao. Olona mahalala tsara ny faritra misy azy ny tenany ary zanak'Ihorombe rahateo. Manaporofo izany ny efa naha Talen'ny Kabinetra azy teo anivon'ity faritra ity. Nisongadina ihany koa Rtoa Governora teo amin'ny asa fitsinjovana ireo tanora tamin'ny alalan'ny fitarihany ny fikambanana T2MI (Tanora Miatsehatra Mampandroso an' Ihorombe). Raha tsiahivina, dia andraikitra mavesatra ny toeran'ny Governoram-paritra. Tafididtra ao anatin'izany ny fanatanterahana ny velirano napetraky ny Filoha Andry Rajoelina hoentina mampandroso ny faritra tsirairay mba tsy hisy hadino intsony. Tsy hatoro voanjo hadiana amin'izany moa ny Dr Ramananjarasoa Clarisse Eugénie raha ny fahaiza-manao sy ny traikefa efa ananany. Mametraka ny fanantenany aminy ireo vahoakan'Ihorombe amin'ny fanohizana ireo asa fampandrosoana any an-toerana.

**JUDD**

Disadisa eto amin'ny tany sy ny firenena

# Mijoro ho mpampihavana ireo mpandala ny fomban-drazana

Vory lanona teny amin'ny kianja maitso Analamahitsy sy Anosimasina Itaosy ireo mpandala ny fomban-drazana malagasy ny sabotsy teo. Nijoro ho mpampihavana ny Malagasy izy ireo nandritra ny fametrahana ny hasim-pihavanana nanasana ireo antokompinoana sy antoko politika tsy ankanavaka. "*Manaova ny rariny fa izany no misy tombontsoa maharitra.*"Io teny fohy io no nentin'Atoa Randimbiarimanana Feno Manankasy (maître Feno) ho an'ireo mpanao pôlitika amin'izao ankatoky ny fifidianana izao. Masina ny teny, hoy izy, ka anjaran'ny mpamakafakafa ny mandahatra ny teny tokony hampitaina amin'ny olona mba hipetrahan'ny hasim-pihavanana. Mahatsapa ireto mpitazona ny fombandrazana ireto fa efa mitady hizarazara ny fiarahamonina. "*Iarahantsika mahita ny disadisa eto amin'ny firenena, na teo amin'ny samy mpino krisitianina na teo amin'ny mpino sy ny mpandala ny fombandrazana ary indrindra ny disadisa eo amin'ireo mpanao pôlitika ka mila apetraka ny hasim-pihavanana*", hoy i Manjakatokana teo anoloan'ny doany misy an-dRasoamifanatrika sy Rasoarindrano eny Anosimasina Itaosy. Nanamafy io hasim-pihavanana io ny filohan'ny ANTM, Josephin Andriandrainarivo raha namotsipotsitra ny fahasahian'ny tanora ankehitriny mamingavinga ny Filohampirenena sy ny fandavana tsy hanao ny hirampirenena nitranga vao tsy ela akory izay.

**Niry R.**



**Nandritra fametrahana ny hasim-pihavanana tetsy Anosimasina Itaosy ny sabotsy teo. (Sary : Niry R.)**

TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Rivodoza Freddy

# Tafakatra 116 701 ireo traboina

Faritra fito no nandalovan' ilay rivodoza Freddy ary anisan'ny nitondra faisana avokoa izy rehetra ireo, dia i Vatovavy, Fitovinany, Atsimo Atsinanana, Matsiatra Ambony, Menabe ary Amoron'i Mania. Tafakatra 116 701 ireo traboina ary avy amin'ny fianakaviana 27 692 izy rehetra ireo. 7 kosa ny namoy ny ainy. Raha ny zavatra manjo iny faritra Atsimo Atsinanana iny dia betsaka ireo natahotra mafy tamin'izay ho voka-dratsy haterany, satria tsy tafarina akory ny fahavoazana tamin'ny taon-dasa toy izao dia efa tonga sahady indray ny loza. Anisan'ny nitondra takaitra ny fotodrafitrasa fanabeazana, satria efitrano fianarana 692 no potika tanteraka. Misy 318 kosa ireo trano nisy fahasimbana ary 654 ireo niongotra tafo. Nisy trano 706 kosa simba amin' ny ampahany nandritra ny fandalovan'i Freddy. Ny faritra Vatovavy no tena voa mafy indrindra, satria 591 tamin'ireo sekoly simba tanteraka dia hita tany avokoa, ary 461 ireo niongotra tafo. Efa marobe ny fanampiana nentin'ny fitondram-panjakana tany an-toerana. Fa mba hahafahan'ny fanabeazana miverina amin'ny laoniny faran'izay haingana raha sanatria misy ny loza, dia nisy ny tahirim-pitaovam-pianarana napetraky ny Unicef any amin'ireo DREN telo, dia Vatovavy, Fitovavy ary Atsimo Atsinanana, hahafahan'ny mpianatra 20 000 mianatra avy hatrany. Misy "kits scolaire" vonjy taitra sy efitrano fianarana vonjimaika, na trano lay, 150. Efa afaka miomana amin'ny taom-pianarana vaovao ireo mpianatra any amin'ireo DREN 3 ireo eo anatrehan'ny fisian'ny toerana azo antoka nampitobiana izany fitaovam-pianarana izany.

**Nath**

Covid-19

# Nandavo olona iray indray

Raha telo monja ny tranga covid 19 hita tamin'ny herinandron'ny 11 hatramin'ny 17 febroary 2023, niakatra 13 izany tamin'ny herinandro lasa teo, izany hoe teo anelanelan'ny 18 hatramin'ny 24 febroary 2023. Ny tranga vaovao 10 tamin'ireo dia hita teto amin'ny faritra Analamanga avokoa, 1 tany Alaotra Mangoro, 1 Boeny ary 1 Menabe. Nisy 320 ny fitiliana natao ka nahitana ireo tranga vaovao ireo. Misy tranga iray mampiahiahy arahi-maso akaiky eny anivon'ny tobim-pahasalamana ary 10 ireo tranga misy fahasarotana. Tao anatin'izay herinandro izay ihany koa, nandavo olona iray indray ny Covid 19. Midika izany fa mbola tena misy eto amintsika ity valanaretina ity na somary mangingina sy tsy resahina firy intsony aza. Ny ankamaroan'ny olona ihany koa tsy manao arovava intsony, kanefa zavatra maro no voaron'ny fanaovana azy iny na amin'ny loton'ny rivotra iainana fotsiny aza. Etsy ankilan'izany, mbola manentana amin'ny fanaovana vakisiny miaro amin'ny covid 19 ihany satria efa tsy maintsy miaraka miaina amin'ny andavanandron'ny olona ity covid 19 ity, ka aleo misoroka. Hatreto mantsy, 1422 ny isan'ireo namoy ny ainy teto Madagasikara.

**Nath**

Rhefi

# 200 mahery ny fiangonana eto Madagasikara

Tao anatin'ny 18 taona nijoroany dia trano fiangoanana 200, pasitera 600 ary mpino 60 000 no mandrafitra ny fiangonana Rhefi eto Madagasikara ankehitriny. Ao anatin'ny fanomanana ny fankalazana ny faha-18 taona nijoroany teto Madagasikara, izay hotanterahina eny amn'ny Coliseum Antsonjombe ny 13 aogositra, ny fiangonana amin' izao. *"Hisy ny vavaka manokana ho an'ny firenena mandritra an'io andro lehibe io. Eo ny vavaka fandravana sakana, vavaka manokana entina manohitra ireo fahavalon'ny Malagasy, toy ny fahantrana sy ny korontana, ary indrindra vavaka manokana ho an'ireo mpanao politika amin'izao vanim-potoanan'ny fifidianana izao"*, hoy ny pasitera Andrianaivoravelona Adolph, filohan' ny filankevi-pitantanana eo anivon'ny fiangonana Rhefi eto Madagasikara nandritra ny tafa nataony tamin' ny mpanao gazety tetsy Androndrakely, ny sabotsy teo. Nomarihin'ity farany fa hanao hetsika ara-tsosialy lehibe (fanomezana vary, menaka, fitafiana, sns ho an'ireo sahirana) eto Antananarivo sy any amn'ny faritra, Diego, Toliara, sns, ny fiangonana mialohan'io ivon'ny fankalazana io.




**Nandritra ny fihaonan'ireo filankevi-pitantanan'ny fiangonana Rhefi tamin'ny mpanao gazety tetsy Androndrakely ny sabotsy teo. (Sary : Niry R.)**

**Niry R.**

Fikambanana Orphmad

# Marobe ireo olana sedrain'ireo zaza kamboty eto amintsika




**Nizara fanomezana ho an'ireo zaza kamboty mianatra ao amin'ny EPP Ambohipo ny fikambanana Orphmad.**

Mahatsapa ny fikambanana Orphmad fa be ny zaza kamboty no zara raha mianatra ary mitsoaka andaharana. Misy tena mahay anefa izy ireny. Eny anivon' ny fiarahamonina, mbola zavatra hafa no iainan'izy ireo. Ho an'ny EPP Ambohipo manokana, nilaza ny talen-tsekoly fa mpiantoka no mandray an-tanana ireo ankizy kamboty beazina ao amin'izy ireo. Tsy voaramaso ihany koa ny fampianarana ireo zaza ireo ka mahatonga azy tsy haharaka ny namany. Hanampy ireo sokajin'olona niangaran'ny vintana ireo no antom-pisian'ny fikambanana Orphmad, izay nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy omaly teny Ambohipo. Araka ny fanazavandRaivonandrasana Marie Edmine, na i Dina, filoha mpanorina ny Orphmad, izay efa sady nampianatra tao amin'ny CEG Ambohipo no mikambana amin'ireny fikambanana miaro ny zon'olombelona ireny, dia: *"Raha miara-mientana ny rehetra, ary mahatsapa ho tomponandraikitra daholo ka vonona hiaraka hiasa dia azo antoka fa ho foana ny fijaliana iainan'ireo zaza kamboty. Misy fiantraikany ratsy eo amin'ny ho avin'ilay zaza mihitsy ny zava-misy. Satria na efa mianatra eny amin'ny anjerimanontolo aza ireo kamboty ireo dia lasa miaraka amin'olona, mba hahafahany misitraka trano. Azo atao tsara anefa ny manao fangatahana mba hisitrahan'ireo sokajina mpianatra kamboty mba tsy hahatonga azy iharan'ny herisetra."* Tsy nanadino nitondra vatomamy nozaraina ho an'ny ankizy 200 teny Ambohipo ny fikambanana Orphmad, izay notronon'ny LMDHP sy fikambanan'ny olona manana fahasembanana ary tanora mpianatra eny Ankatso.

**Nath**

CTmotors

# Nahatonga fiara vaovao novokarin'ny "POLARIS"



**Efa hita ao amin'ny CTmotors Andraharo ireto vokatra vaovaon' ny "POLARIS" ireto. (Sary : Kelly R.)**

Manana ny toerany eo amin'ny tsenan'ny fiara eto Madagasikara ny CTmotors. Nampahafantarina omaly teny Andraharo ny fahatongavan'ireo fiara tsy mataho-dalana vaovao novokarin'ny marika "POLARIS" farany, dia ny "RZR PRO 74 TURBO R" mahazaka olona roa, sy ny "RZR PRO R 4" mahazaka olona efatra. Anisan'ny mampiavaka an'ireto fiara ireto tamin'ny modely teo aloha sy amin'ireo fiara mitovy sokajy aminy ny tanjany sy ny hamafiny ary ny fanavaozana nentina, indrindra fa tao amin'ny motera sy ny fomba familiana. *"Natsangana tamin'ny taona 2008 ny CTmotors ary efa tao anatin'ny 10 taona no niarahany niasa tamin'ny "POLARIS". Heveriko fa ity marika ity no be mpividy indrindra eto Madagasikara. Raha mbola fiara tsy mataho-dalana dia sarotra ny hiala amin'ny "POLARIS"*, hoy i Davy Marechal, mpiandraikitra ny tambajotra sy ny fanapariahana eo anivon'ny CTmotors. Nomena fahafaham-po manokana ireo mpanjifa, satria manana toerana manokana natao hikojakojana ireo fiara mitondra ny marika "POLARIS" ny CTmotors. Misy koa ny fikarakarana fivoahana miaraka amin'ireo mpampiasa sy mpakafy ny marika, na ny "POLARIS Camp", ho fanomezana fahafaham-po ny mpanjifa, izay efa fanaon'ny CTmotors amin'ireo mpanjifa amin'ny karaza-marika samihafa ao aminy. Any amin'ny faritra Atsimon'ny Nosy no hanaovana ny fivoahana manaraka amin'ity taona ity.

**R. Muray**

Malaimbandy

# Manodidina ny 3 000 ha eo ho eo ny velaran-tany handalovan'ny valala

Manahy mafy ny amin'ny firongatry ny valala ny mponina any Malaimbandy any amin'ny Faritra Menabe. Manodidina ny 3000 ha eo ny velaran-tany handalovan'ny valala any an-toerana raha tsy hisy fandrarahana fanafody haingana hatao hamonoana an'ireo atodim-balala amin'ireo toerana nitobian'ireo biby mpanimba fambolena ireo. *" Tena simba ny fambolena rehetra aty aminay. Matevina ny andiambalala ao kanefa ny vary efa ho masaka sady tena niteraka marobe tonga, dia simba avokoa. Raha tsy ny valala sy ny atody no maty haingana dia hirongatra ny valala"*, hoy Rtoa Santatra, solontenan'ny mpamboly any amin'ny kaominina ambanivohitr'i Malaimbandy. Nomarihan'ireo tantsaha any an-toerana fa ampy ny rotsak'orana nambolena amin'izao taom-pambolena izao, kanefa dia ho simban'ny valala fotsiny ve ny vokatra? Efa manatody ny valala any an-toerana amin'izao fotoana izao, afaka andro vitsy dia ho lasa kijeja an-jatony ka rehefa hitambatra dia ho an'arivony maro izany ka hanimba fambolena amin'ny hekitara maro. *"Miangavy anareo mpitondra fanjakana izahay Malagasy aty Malaimbandy mba hitodika aty aminay fa raha ireo valala ireo no tsy hisy fepetra horaisina haingana, hanjakan'ny kere ny kaominina maro aty Malaimbandy ary saika ny fokontany rehetra no andalovan'izany aty aminay"*, hoy kosa ny solontenan'ny mponina. Ho maro ireo vokatra ho potika raha tsy misy ny fandraisana andraikitra faran'izay haingana avy amin'ny Ivontoerana Famongorana ny Valala eto Madagasikara, satria hitombo indray ireo kaominina ho tratran'ny tsifanjariantsakafo sy ho kere noho ny tsy fisiambokatra azo hanina.

**Heriniaina A.**